


# MATER DEI

## Vavaka amin'i Maria, Renin'Andriamanitra

Arahaba, ry Reny masin'Andriamanitra,
Renin'ny Fitondran'Andriamanitra sady Reninay,
Aminao, tsara fanahy sy mamindra fo,
Mahefa indrindra ao am-pon'i Jesoa Kristy Zanakao,
No hiazakazahanay amim-pahatokiana.

Avia, ry Reny, avia karakarao izahay !
Indro, raiso ny fanalahidin'ny fonay:
Avia hitantana sy hiaro anay,
Avia hiaro ny tranonay,
Ny Eglizy sy izao tontolo izao.

Omeo anay, ry Maria,
fo lehibe sy be hatsarampo,
Maharitra amin'ny fitsapana,
mahery amin'ny fanantenana,
be hafanam-po amin'ny fitiavana
an'Andriamanitra sy ny namana.

Ry Reny Masina,
Tsarovinao izahay eo anatrehan'Andriamanitra,
Ambeno ny làlam-piainanay
Hatrany am-Paradisa masina, akaikinao, ry Maria,
Miaraka amin'i Jesoa hatrany,
miaraka aminao mandrakariva,
Ry Reny Masin'ny Tompo!
Amen.

*(Don Orione)*